REPOBLIKA DEMOKRATIKA MALAGASY ARCHIVES

Ambohitsirohitra, faha-27 oktobra 1975

HAFATRA
AVY AMIN'NY FILOHAN'NY FILAN-KEVITRA FARA-TAMPONY MOMBA NY TOLOM-PIAVOTANA, - FILOHAM-PIRENENA SADY LEHIBEN'NY FITONDRAM-PANJAKANA TAMIN'NY 27 OKTOBRA 1975 -

Tompokolahy sy Tompokovavy mpanolo-tsaina isany !

Herin-taona katroka izao no niara-nifamory farany teto Tsimbazaza hianareo mpitondra-tenim-bahoaka sy ny mpitondra ny tany sy ny fanjakana.

Herin-taona maninjitra izay niseboan-javatra maro teo amin'ny fiainam-pirenena ka nampihozongozona mihitsy ny andrim-panjakana ary nampandia làlan-tsarotra ny firaisan-kinan'ny fianakaviam-be malagasy.

Samy miaiky isika rehetra fa tsy tao anatin'izany hotakotaka sy fisavorovoroana izany no ahafahana mivory sy mandinika amim-pitsnian-tsaina tanteraka ny raharahan'ny fampandrosoana.

Tsy maintsy nifantohana aloha ny famerenana amin'ny laoniny ny filaminana ary nisikinam-ponitra andro aman'alina koa ny famitranana ny fifampitokisana sy ny fihavanana teo amin'ny mpiray firenena voakorontan'ny mpandrora mitsilany sy ny mpanao an-kaso isan-tsokajiny.

Soa anefa mitahy mandrakariva ity tany masina ity Andriamanitra sy ny razana, koa tsy navelany hahazo laka na hahita ravina avaratra izay rehetra nitsikombakomba mandrak'ankehitriny handavo ny vahoaka malagasy eo amin'ny zotrany tsy azo tohaina ho amin'ny tanjon'ny firaisan-kina nohon' ny rariny sy ny fitoviana hifehy ny fiaraha-monina, ka hampandray andraikitra ny tsirairay avy eo amin'ny fampandrosoana sy ny fitondram-panjakana ary indrindra ny fitantanana ny toe-karena.

Ampingan'ny vahoaka malagasy sady mandan'ny fitondram-panjakana izany fitahiana lehibe hiarahantsika miloloha izany, koa tsy hatahorana ny loza satria amintsika ny fahamarinana izay tsy maintsy handresy hatrany ny mpanoha-riana rehetra.

Ary satria notahiana ka tsy maty fo aman'aina hianareo rehetra vory eto izao dia ataoko adidy manokana ny miarahaba anareo tsirairay avy. Faladia naharon'ny làlana, vary zato naharon'ny sompitra hianareo, Tompokolahy sy Tompokovavy, koa mahaleova, mahalusàna eo amin'ny fitsinjovana lalandava ny tena tombon-tsoam-bahoaka sy ny fampivoarana hatrany ifotony ity firenena ity. Aoka isika hahitsy famindra, tsy hanao ronono an-tavy, fa kosa hanaiky hanadino tena, ary handrava ny tetika kotrehin'olom-bitsy, fa izany no tena fitiavan-tanindrazana sady fanompoana vahoaka.

Ary amin'ny anaran'izany fitiavan-tanindrazana izany ihany koa no tsy maintsy ahatsiarovantsika mandrakariva ireo mahery fo rehetra nanao sorona ny ainy mba hanavotana an'i Madagasikara sy hahafongotra eo amin'ny taranaka hifandimby rehetra ny dinitry ny fiangarana sy ny fanitsakitsahana ateraky ny rafitra tsy mifanentana amin'ny saina amam-panahy malagasy

.../...

izay mangetaheta fihavanana sy rariny ka saro-piaro amin'ny fitovian-jo sy sata ary lenta, eo amin'ny lafim-piainana rehetra, ary eran'ny lafy valon' ny Nosy, fa izany no tarigetran'ny Fokonolona sosialista voafaritra ao amin'ny kabary programa.

Ohatra makadiry tsy maty kosehina eo amin'ny tantara ary fakan-tahaka ho an'ny Malagasy tsy misy avakavaka ny firedaredan'ny fitiavan-tanindrazana nanentana ireny mahery fontsika ireny.

Ho fanajana, ho fameloma-maso ny asany ary ho fampaherezana ny tolona natombony dia manainga antsika rehetra hiara-mahatsiaro am-pahangi-nana ireny olo-mangan'ny firenena rehetra ireny, ka tononina manokana izany Itompokolahy Richard RATSIMANDRAVA.

(Fahanginana iray minitra).

Nandia làlan-tsarotra ny firenena tamin'ity taona 1975 ity ary mbola tsy voakosoka ao an-tsaina ny tarazo navelan'ny loza amin'antambo nianjady tamintsika ireny.

Nefa, ny alahelon-dehilahy, hono tsy mialin-kerinandro, ny vaho-aka mitolona tsy mitanondrika mandavan-taona ary ny revolisiona tsy efan-tsento na ranomaso.

Koa tsy maintsy mitraka isika. Tsy maintsy mitsinjo ny ho avy. Tsy maintsy misikina hiatrika adidy, handray andraikitra, hampanjary ny tolona.

Notorotoroin'ny fifandonana mahery vaika ny revolisiona malagasy ary tsy latsaka ho azy avy any an-danitra toy ny havandra, fa nipoitra sy voa-janahary avy tamin'ny fandrodanan'ny vahoaka ny fandaminana sy ny ra-fitra notefena hanabotriana azy sy handrobana ny harem-pirenena.

Lamina vaovao, rindra sahaza ny tolona ary rafitra entim-bahoaka no takian'ny firenena ankehitriny. Zony izany ary zony rahateo koa ny mi-tsipaka ny fandaminam-pitondrana nilaozan'ny toetr'andro.

Ny vahoaka no tompon'ny farany sady kitro ifaharan'ny fiandria-nam-pirenena. Amin'ny anarany no hanaovana ny lalàna, nefa rehefa sendra ny sangy mihoatra ny loha dia tsy azo lavina raha raisiny mivantana ny fa-hefana. Natao hifanentana amin'ny faniriana sy ny safidim-bahoaka ny didy aman-dalàna, fa tsy ny vahoaka kosa no ho terena hilefitra amin'ny didy aman-dalàna tsy manendrika azy. Samy ho tsarain'ny vahoaka amin'ny asa vita isika, koa aoka tsy hisy hanao tari-dositra.

Tsy vitan-kabary, tsy efan'ny fampiasana fiteny revolisionera miraondraona, tsy tafitan'ny tendrom-po sy ny fanaovana an-dolom-po ny re-volisiona, fa mitaky asa, mitaky filofosana, mitaky fanetren-tena.

Koa indro atolotro anareo anio ny "soritr'asan'ny revolisiona malagasy" izay tsy mikatsaka afa-tsy ny fampanjakana ny rariny sy ny fito-viana ary ny fitantanam-bahoaka. Tsy hevitr'olon-tokana na visavisan'olom-bitsy izy io sanatria, fa notovozina tao amin'ny hetaheta amam-panirian'ny vahoaka ary notsongoina avy any amin'ny fototry ny firenena mihitsy.

.../...

Adidinareo ny manolotra amin'ny fitondram-panjakana izay hevitra rehetra heverinareo fa hampody ventiny malaky ny rano natsakaina, izany hoe : izay fomba amam-panao ho enti-manatanteraka an-tsakany sy an-davany an'ity revolisiona antoky ny fanavotam-pirenena ity.

Nihaino sy nahare ny vahoaka hianareo hatramin'izay nanambarana am-pahibemaso ny soritr'asa izay. Anjaranareo ny mampita aminay ny heviny, mikasika ny fomba hanatanterahana izany haingana.

Adidinareo ihany koa aorian'ny dinika sy ny hevitra ifanakalozana mandritra ity fivoriana ity ny mitondra sy manaparitaka any amin'ny vahoaka ny fanazavana rehetra mety ilaina sy ny toro-làlana mifanojo amin'ny fampiharana ny tetika revolisionera.

Tsy maintsy manana ny tandrifiny avokoa ny isam-batan'olona, ny isan-tokan-trano, ny isam-pokonolona, ny isam-pikambanana eo anatrehan'ny andraikitra iantsorohan'ny firenena manontolo mba hahalavorary sy handresen'ny revolisiona malagasy.

Fady antsika ny ho kivy an-dàlana, ary aoka hiambina sy ho mailo andro aman'alina ny tsirairay avy, satria tsy vitsy làlana ny mpamendrofendro, mandry tsy lavo loha ny mpampisavorovoro, tsy matory maty ny mpitsivalam-pandry, tsy mbola nilavo lefona ny mpanoha-riana.

Ao koa ireo zatra nanao rapa-dango, manimanina ny remby fahiny ka mitady hanao valifaty.

Sedrainy amin'ny fitsapana mamaivay isika amin'izao fotoana isokafan'ny fivorianareo izao. Mba mahalasam-pisainana ihany izao fifandrifian-javatra izao.

Nefa ataoko antso avo am-pahibemaso anio fa tsy handefitra ary tsy hilefitra manana ny marina ny vahoaka sy ny firenena ary ny fitondram-panjakana malagasy. Manana ny hambom-pony tahaka ny firenena rehetra ny Malagasy, ary ny revolisiona tsy miverina ilàlana mandrakizay.

Tsy mandefitra ary tsy milefitra eo anatrehan'ny fampitahorana sy ny fampifilafilàna ny tombon-tsoam-pirenena.

Roso hatrany ny Revolisiona !
Ny Malagasy tsy milefitra !
Ho ela velona i Madagasikara tsy mandohalika !